Commission Electorale Nationale Indépendante

CENI MADAGASCAR

LAHATENIN'NY FILOHAN'NY CENI - Point de presse 07/02/2019 :

Fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana

Voaray ary tadidin'ny CENI avokoa ireo fanakianana isan-tokony manodidina ny lisi-pifidianana nandritra ny fifidianana Filohampirenena. Ankehitriny izahay dia miezaka amin'ireo asa tandrify mba ahafahantsika manatsara izany lisi-pifidianana izany. Tsy ho tomombana anefa ny lisi-pifidianana raha tsy mahatsiaro ho tomponandraikitra avokoa isika mianakavy. Voatonona amin'izany ny vahoaka mpifidy, ny fiarahamonimpirenena, ny fiarahamonina politika, ny mpanao gazety, ireo tomponandraiki-panjakana ary izahay CENI.Tsy misy afaka isika mianakavy amin'ny fandraisana andraikitra mba hampanjary ny fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana.

Tsy mahafa-po mantsy amin'izao fotoana izao ny taham-pikaran'ireo nisoratra anarana ao anaty lisi-pifidianana. Azo raisina ohatra ny eto Antananarivo renivohitra izay manome salanisa 1.25% ary ho an'i Madagasikara iray manontolo dia 0,28%. Terem-panahy izahay hametra-panontaniana hoe aiza daholo ankehitriny ireo olona marobe milaza fa tsy tafiditra ao anaty lisi-pifidianana satria izao no fe-potoana ahafahana manamarina izany ary ahafahana manarina izany rehetra izany. Tianay hotsindriana mantsy fa sao voafitaka isika mianakavy fa amin'ny 15 febroary ny fe-potoana farany ahafahana misoratra anarana, ny aorian'izay dia asa famaranana hatramin'ny 15 mey.

Tsy mandry andro tsy mandry alina ny CENI amin'ny asa fanentanana anatsarana ny lisi-pifidianana :

- Misy ireo fanentanana isan-tokony alefa amin'ny haino amanjerim-panjakana sy ireo haino amanjery hafa mpiaramiasa
- Misy ireo fidinana ifotony any amin'ny faritra, itondrana ny fanentanana any an-toerana
- Misy ireo taratasy nalefa any amin'ireo fiarahamonim-pirenena sy ireo antoko politika, fiangaviana mba hitondra fanentanana mavitrik ho an'ireo vahoaka mpifidy sy ireo mpikambana ao amin'izy ireo
- Ny alatsinainy izao dia hisy fidianana ifotony ataon'ireo mpiasan'ny CENI amina faritra maro eto Analamanga, hanao fanentanana amin'ireo vahoaka mpifidy
- Hotohizana ny fitetezana sekoly sy oniversite hanentanana ny tanora hisoratra anarana ao anaty lisi-pifidianana
- Handrindrana ny famaranana ny fisoratana anaran'ny mpifidy dia hamory ireo sefom-pokontany eto Antananarivo ny CENI.

Tsy mitarain-tana-miempaka ny CENI fa kosa miangavy ny fientanan'ny besinimaro mba hampanjary kokoa ny lisi-pifidianana. Misaotra betsaka tompoko.